A Ny fanambaran'i Jaona Mpanao Batisa:

❖ **Fanolorana ny Mesia. Jaona 1:19-23.**

— Naniraka solontena hanontany an'i Jaona izy ireo raha milaza ny tenany ho Mesia, ilay Kristy, izy (Jaona 1:19). Tsy i Jaona anefa no Mesia. Nanana iraka manokana izy: hanomana ny olona handray ny tena Mesia (Jao. 1:22-23).

— Nanamarina i Jaona fa ambony noho izy i Kristy:

(1) Nihevitra ny tenany ho mpanompo tsy mendrika an'Ilay efa nisy talohany i Jaona (Jaona 1:27)

(2) Jaona nanao batisa tamin'ny rano. Kristy hanao batisa amin'ny Fanahy (Jaona 1:33)

(3) Kristy no Zanak'Andriamanitra. Nanondro Azy ihany i Jaona (Jaona 1:34)

❖ **Fanolorana ny Zanak'ondrin'Andriamanitra. Jaona 1:29-37.**

— Taranaka mpisorona i Jaona Mpanao Batisa ka mahafantatra tsara ny asan'ny Mesia. Ho azy, dia tsy mpanafaka firenena i Kristy, fa ilay nolazain'i Isaia (Isa. 53:7).

— Impiry moa i Jaona no niaiky ny fahotany tamin'ny nametrahany ny tanany teo amin'ny zanak'ondry ary avy eo namono azy tamin'ny antsiny? Isaky ny nanao izany izy, dia nieritreritra ny amin'Ilay hitondra ny fahotany sy ho faty ho azy ireo.

— Nahafantatra an'i Jesosy ho ilay Zanak'ondry nandrandraina izy rehefa nampiomanin'Andriamanitra (Jaona 1:31-33). Mazava ho azy fa tsy nangina izy. Nambarany tamin'ny olona rehetra hoe iza moa i Kristy, sy ny anjara asany amin'ny maha-Zanak'ondrin'Andriamanitra Azy (Jao. 1:29).

— Io fanambarana io dia manome antsika fahazavana ny amin'ny hevitry ny rafitry ny fanaovana fanatitra izay nandidian'Andriamanitra ny Isiraely. Misy hery hanadiovana ny fahotana rehetra noekena ao amin'ny ran'ny Zanak'ondrin'Andriamanitra.

B Ny fanambaran'ireo mpianatra voalohany:

❖ **Manaraka ny Mesia. Jaona 1:35-39.**

— Iza ireo mpianatra roa voalohany nanaraka an'i Jesosy (Jaona 1:35-37)? Tsy nanonona afa-tsy ny iray i Jaona: Andrea; tsy nolazainy ny anarany (Jaona 1:40).

— Tena nanaraka an'i Jesosy ara-bakiteny izy ireo. Izany hoe nandeha tao aoriany, mandra-pitodik'i Jesosy ka niteny taminy (Jaona 1:38).

— Ny fanontanian'i Jesosy - Inona no tadiavinareo? – dia namela azy ireo hanambara izay nantenainy taminy. Inona no nety ho navalinao? Nahoana ianao no manaraka an'i Jesosy?

— Efa nanaiky an'i Jesosy ho Mesia ireo mpianatra roa ireo. Izao izy dia te hiaraka Aminy fotsiny. Nitady ny fiarahana Aminy izy; mba hihaino ny fampianarany; hisotro amin'ny fahendreny.

— Feno hafaliana noho ny fahitana ny Mesia i Andrea, ka nampahafantatra an'i Simona rahalahiny an'i Jesosy. Nasehon'i Jesosy fa fantany tsara ny ao am-pon'i Simona Petera sy ny toetrany (Jaona 1:40-42).

❖ **Mitondra ny hafa ho eo amin'ny Mesia. Jaona 1:43-51.**

— Ny mpianatra fahatelo izay nanaraka an'i Jesosy dia nantsoiny mivantana: Filipo (Jao. 1:43–44).

— Toa an'i Andrea, dia nahatsapa i Filipo fa tsy maintsy mitondra ny hafa ho eo amin'i Jesosy izy. Tsy toa an'i Andrea i Filipo: tsy avy dia nahafantatra an'i Jesosy ho Mesia izy, fa ilay nambaran'i Mosesy sy ny mpaminany mialoha, ka izany no nahatonga an'i Natanaela (Bartolomeo) hanao tsoa-kevitra ho an'ny tenany manokana(Jaona 1:45). Kanefa, tsy nifanaraka tamin'ny fiheveran'i Natanaela momba ny Mesia nandrasany i Jesosy.

— Teraka tany Nazareta, toerana malaza ratsy toy izany? Tsy nanohy ny adihevitra i Filipo. Tsy olana ara-poto-kevitra izany. Ho resy lahatra izy rehefa mahita an'i Jesosy (Jao. 1:46).

— Nivavaka teo ambanin'ny aviavy i Natanaela mba hihaona amin'i Kristy nambaran'i Jaona (IFM 131). Rehefa nilaza taminy i Jesosy hoe: "Hitako ianao", dia afaka ny fisalasalana rehetra (Jao. 1:47-49).

D Ny fanambaran'i Nikodemosy:

❖ **Mahita ny Mesia. Jaona 3:1-21.**

— Talanjona tamin'ny fahagagana nataon'i Jesosy i Nikodemosy, izay Fariseo sady anisan'ny Synedriona. Resy lahatra izy fa i Jesosy dia mpaminany lehibe nirahin'Andriamanitra... fa tsy ilay Mesia (Jaona 3:1-2).

— Nampifanantrehan'i Jesosy hiatrika mivantana ny amin'ny filany lehibe indrindra izy (ho antsika koa): fiovam-po (Jaona 3:3-5).

— Na dia niezaka niala olana aza i Nikodemosy, dia nandray ny fampianarana ambony indrindra momba ny asa nanirahana Azy amin'ny maha-Mesia Azy avy tamin'i Jesosy izy, ary nandre ny teny faran'izay tsara indrindra hatramin'izay (Jaona 3:16).

— Nahazo fananarana kely koa izy, izay tian’i Jesosy hanokatra ny sainy ho amin’ny fahamarinana (Jao. 3:9-12).
— Miandalana no nahitan'i Nikodemosy an'i Mesia, mandra-panekeny Azy am-pahibemaso teo am-pototry ny hazo fijaliana (Jao. 7:50-51; 19:39).